**A Fahazavana eo amin'izao tontolo izao:**

❖ **Maneho taratra an'Andriamanitra (Filipiana 2:12-13)**

— Rehefa avy nanazava tamin'ny an-tsipiriany ny amin'ny fanetren-tena sy ny fanandratana an'i Jesosy i Paoly, dia nanampy ny voambolana "koa". Izany hoe, nanetry tena sy nasandratra i Jesosy mba "haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray" (Fil. 2:11), dia tsy maintsy manao zavatra mifanaraka an'izany ny mpino Filipiana (ary, raha itarina, dia isika rehetra).

— Ny asantsika voalohany dia ny hahatanteraka ny famonjena antsika "amin'ny tahotra sy ny hovitra" (Fil. 2:12). Raha Andriamanitra no mamonjy antsika (Titosy 2:11), nahoana isika no tokony hihevitra an'izany?

— Mitovy hevitra amin'ny fanompoana an'Andriamanitra ny hoe tahotra sy ny hovitra (Salamo 2:11). Noho izany, dia hamafisin'i Paoly fa Andriamanitra no manome faniriana hanao ny tsara ao anatintsika, sy manome antsika hery hahatanteraka izany (Filipiana 2:13).

❖ **Fanazavana eo amin'izao tontolo izao (Filipiana 2:14-16)**

— Manome soso-kevitra telo i Paoly izay hahatonga ny mpino hazava eo amin'izao tontolo izao:

(1) Mihazona ny firaisana (Fil. 2:14): Tsy tokony hisy fifosana, fifanakianana, fifandrafiana, na fifamaliana eo amintsika, rehefa miara-miasa.

(2) Mitondra tena tsy manan-tsiny (Fil. 2:15): Ny fankatoavana ny Raintsika amin'ny fahatsorana dia mifanohitra tanteraka amin'ny faharatsiana sy ny fanaranam-po izay misy manodidina antsika.

(3) Mahatoky amin'ny Tenin'Andriamanitra (Fil. 2:16): Tsy maintsy mifanaraka amin'izay ampianarin'ny Baiboly ny asantsika sy ny fisainantsika

— Ao amin'ny toerana misy haizina lehibe indrindra, no mampahazava indrindra ny fahazavana. Ao amin'ny tontolo iray izay andavana mandrakariva an'Andriamanitra, no tsy maintsy hahazava ny Kristiana amin'ny fahazavan'i Kristy.

❖ **Fanatitra velona (Filipiana 2:17-18)**

— Na dia nanantena ny ho afaka aza i Paoly, dia nisy ihany ny mety ho fanamelohana azy. Nasehony ho voninahitra toy ny "naidina ho fanatitra aidina" izany toe-javatra mety hitranga izany (Fil. 2:17).

— Ny fanatitra aidina dia ranoka aidina eo amin'ny fanatitra atolotra (Eks. 29:39-40). Eto, dia ny Filipiana no fanatitra resahina.

— Ho faty ve ny Filipiana? Tsia. "Fanompoam-panahy" no sorona nataon'izy ireo. Fanatitra velona, izay sorona tsy maintsy aterintsika rehetra koa ho an'Andriamanitra (Rom. 12:1).

— Tsy nampaninona an'i Paoly ny ho faty satria ny fijoroany ho vavolombelona dia hanome hery bebe kokoa ho an'ireo mpino izay efa vavolombelona mahatoky ny Filazantsara, miresaka ny amin'izany am-pahasahiana, ary mitondra tena miendrika ny zanak'Andriamanitra.

**B Ohatra ny amin'ny fahazavana:**

❖ **Timoty (Filipiana 2:19-24)**

— Mpiara-miasa mavitrika tamin'i Paoly sady mpiara-manoratra epistily enina aminy i Timoty (2 Korintiana, Filipiana, Kolosiana, 1 Tesaloniana, 2 Tesaloniana, Filemona). I Paoly mihitsy no nifidy azy ho evanjelista (Asa 16:1-3). Inona no hitan'i Paoly fa niavaka tamin'io tovolahy io?

— Voalohany, dia "milaza tsara azy" ny rehetra. Nohamafisin'ny teny faminaniana ny maha-mety azy ho amin'ny fanompoana (1 Tim. 1:18). Amin'ny maha tanora azy, dia noraisin'i Paoly ho toy ny zanaka izy (1 Tim. 1:2; 4:12). Etsy akilany, nitondra an'i Paoly tamin'ny fanajana sy ny firaiketam-po ananan'ny zanakalahy amin'ny rainy i Timoty (Fil. 2:22).

— Noraisin'i Paoly toy ny mpiasa mahomby tahaka ny tenany izy (1 Kor. 16:10). Nankininy taminy ny fanarahamaso ny fiangonana maromaro, toa an'i Korinto (1 Kor. 4:17); Filipy (Fil. 2:19); ary Tesalonika (1 Tes. 3:2). Niaritra fanagadrana toa an'i Paoly koa izy (Heb. 13:23).

❖ **Epafrodito (Filipiana 2:25-30)**

— Rehefa fantatry ny Filipiana fa nigadra tany Roma i Paoly, dia nanapa-kevitra ny handefa fanampiana ho azy izy ireo ho amin'izay ilainy (fandoavana ny hofan-trano, sakafo, fitafiana, sns.) I Epafrodito no niandraikitra ny fitondrana izany fanampiana izany ho an'ilay apostoly (Fil. 4:18; 2:25).

— Tsy nitondra fanampiana fotsiny i Epafrodito, fa niaraka tamin'i Paoly, nanampy azy tamin'izay ilainy, ary niara-niasa taminy tamin'ny fampielezana ny filazantsara.

— Noho ny zotom-pony tamin'ny filazantsara dia nanao vivery ny ainy izy ka narary mafy (Fil. 2:27, 30). Rehefa nandre izany ny Filipiana, dia nihevitra ny momba azy. Izany no antony lehibe nanapahan'i Paoly hevitra ny haniraka azy hanatitra ny epistily ho azy ireo (Fil. 2:26, 28).

— Nangataka i Paoly mba "omeo voninahitra izay tahaka azy" (Fil. 2:29). Tsy isalasalana fa Kristiana nahatoky i Epafrodito.